
# ALAHADY faharoa PAKA - TAONA -B-2024



***« Ho aminareo anie ny fiadanana ! Tahaka ny nanirahan'ny Raiko Ahy no anirahako anareo koa » (Jo. 20: 21)***

Ry Kristianina havana, nandresy ny ratsy rehetra i Jesoa ary ny fahafatesana no farantampon'ny ratsy. Eo anivontsika anefa i Jesoa nandresy fa tsy hoe lavitra antsika, miaramiaina amintsika Izy ary indrindra mitondra ny ainy izay aim-baovaon'ny Paka ho antsika. Eo anivontsika I Jesoa Fihavanana Mpampihavana ka izay fihavanana izay tokoa no hanasitrana antsika. Tena ao anatin'ny fiomanana, fivelomana akaiky dia akaiky ny KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY TOKOA ISIKA (KEN 2024). Miaiky isika fa tsy mora izany satria tsy maty voalavo an-kibo ilay ratsy ka mitady izay hanakorontana mandrakariva, hanapotika ny fihavanana. Nandresy I Jesoa ka matoky isika miaraka Aminy fa handresy koa.

**Vakiteny I :** Asa. 4, 32-35
**Tononkira :** Salamo 117
**Vakiteny II :** 1 Jo. 5, 1-6
**Evanjely :** Jo. 20, 19-31

Izany no tian'ireo vakiteny aroson'ny Eglizy amin'izao Alahady faharoa fankalazana ny Paka izao. Alahadin'ny famindrampo araka ny efa fantatsika. Mahery tokoa ny finoana ka mitondra fanantenana ary mamelona ny fitiavana mba hahafahantsika mivelona ny fiadanana andrandraintsika, sy ny hasambarana tiantsika ho tanteraka ary izany no ambaran'i Jesoa isaky ny miseho izy rehefa tafatsangan-ko velona : "*Homba anareo anie ny fiadanana*". Izany no fiarahaban'i Jesoa an'ireo mpianany isaky ny

miseho Izy. Fiadanana tsy araky ny hevitr'izao tontolo izao izay midika milamina ao anatin'ny tahotra sy ny herisetra vokatry ny fitiavana sy fanangonan-karena na dia mifanapotika tanteraka aza dia mitady izay fomba hahazoana izany harena izany ka mieritreritra fa mahery izy ary rehefa mandresy dia mihevitra fa izany no fiadanana. Tsy izany no fiadanana ambaran'i Jesoa fa ilay fiadanana vokatry ny fandresena ny ratsy izay manapotika antsika dia ny fialonana ka mahatonga antsika manilikilika ny hafa. Mieritreritra isika fa miadana rehefa manilika ny hafa, mihevitra fa mahavita tena samirery tsy mila ny hafa ka miavona sy manapotika ny hafa aza, ireny no heverintsika ho fiadanana. Toy izany koa ny fitiavan-tena, angonina izao rehetra izao, ny fiheverana fa ianao no tompon'ny fahefana sy ny hery rehetra izay no heverintsika fa fiadanana. Tadidintsika ny tenin'I Papa teny Soamandrakizay fa indrindra ireo tanora : "tsy misy afaka hilaza ny eo an-kilany tsy mila anao aho…"

Antitraterin'ireo vakiteny telo androany amintsika ny tena fiadanana. Ny vakiteny voalohany mitantara ny fiainan'ireo Apôstôly. Marina fa idealy izany ary mety tsy tanteraka fa ezaka tsy maintsy atao ary tsy ezaky ny tena fotsiny fa vokatry ny Fanahy Masina, vokatry ny famindrampon'Andriamanitra ka noho ny fiovan'ny fifandraisana amin'Andriamanitra sy ny fifandraisana samy olombelona ary ny fifandraisana amin'ny zava-boahary dia miray fo sy fanahy avokoa ny rehetra. IO ILAY FIHAVANANA MANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAM-PO ISIKA JIABY KA MIFANASOA SY MIFAMPITSIMBINA ARY MIKAJY NY SOA IOMBONANA (KEN 2024 SY SINAODY FAHA 7). Io no lazain'ny vakiteny voalohany niany : "*Niray fo sy fanahy avokoa ny mpino rehetra; tsy nisy nilaza ny fananany hoe azy, fa niombonany daholo ny zavatra rehetra. Tamin-kery lehibe no nanamarinan'ny Apôstôly ny nitsanganan'i Jesoa Tompo ho velona, ary fahasoavana be no teo amin'izy rehetra*." Izany no lalana mitondra amin'ny tena fiadanana satria tsy nisy nahantra tamin'izy ireo satria nifampitsimbina….: "*tsy nisy mahantra teo amin'izy ireo, satria izay rehetra nanan-tany na trano, dia nivarotra azy ary nitondra ny vidin'izay lafo, ary nametraka azy teo an-tongotry ny Apôstôly, ka nozarazaraina tamin'izy rehetra araka izay nilainy avy.*" Nifampitsinjo sy nifankatia izy ireo, izany no fahaizana miombona bebe kokoa amin'Andriamanitra amin'ny mpiara-belona sy amin'ny zava-manan'aina rehetra. Raha fintinina dia mirindra sy milamina ny fifandraisana ka zary miaina ao anatin'ny fiadanan'I Kristy. Io ny tanjon'izao Kongresy Eokaristika Nasiônaly Ken 2024 izao. Io fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao… mpiray tampo io no asongadin'ny Papa ao amin'ny Ansiklika "Fratelli Tutti" ka adikantsika amin'ny hoe ny "Olo Araiky isika jiaby".

Idealy ny fomba fiainan'ireo Apôstôly ary mety ho modely ka anjarantsika ny manatanteraka azy eo amin'ny fiainantsika. Manamafy izany ny vakiteny faharoa nalaina tao amin'ny taratasin'i Md Joany ; rehefa nateraka ao amin'i Jesoa isika dia lasa olom-baovao : "*Ry malala, izay rehetra mino fa i Jesoa no Kristy, dia nateraka avy amin'Andriamanitra ; ary izay rehetra tia Ilay niteraka Azy, dia tia Azy naterany koa*". Izany no mitondra fiovam-po tanteraka ka lasa zanak'Andriamanitra, olo araiky ao amin'Andriamanitra, Eglizy Olona Velona ao amin'Andriamanitra isika ka ny fototr'izany rehetra izany anefa dia ny finoana ary ny finoana no hahitantsika fa eo anivontsika tokoa i Jesoa. Fantantsika ny tantaran'i Md

Tomà ao amin'ny Evanjely, tsy nino izy tamin'ny voalohany. Ny tsy finoana no mahatonga antsika tsy afaka mivelona marina tokoa ny batemy satria mbola feno fisalasalana tahaka an' i Md Tomà kanefa rehefa feno ny finoantsika dia dibon-kafaliana mandrakariva isika. Ny tsy fahampian'ny finoana ihany koa no vatomisakana tsy ahafahantsika mivelona ny tena fihavanana sady kristianina no malagasy hanasitrana an'izao tontolo izao izay tena marary tokoa. Ao amin'ny Eokaristia no anovozantsika izany fihavanana sady kristianina no malagasy izany. Hararaotintsika àry izao Kongresy Eokaristika izao hivelomantsika azy. Io tokoa no lalana mitondra amin'ny tena fiadanana na dia eo aza ireo fahasahiranana sy ny zava-manahirana. Rehefa mahita ny Tompo am-pinoana tahaka an'I Tomà sy ireo Apostoly isika dia manovo an'izay fiadanana izay ka afaka miatrika ny fiainana araka ny voalaza ao amin'ny Evanjely, nahita ny Tompo izy ireo. Tsy teo Tomà fa nibebaka izy nanambara hoe :"*Tompoko sy Andriamanitro*". Tafiditra lalina ao am-pon'i Tomà I Jesoa ka niova ny fiainany. Izany koa no antenaintsika amin'izao Paka izao izay nomanintsika ka nanaovantsika rehetra ezaka tamin'ny karemy sy nankalazaintsika nanomboka tamin'ny pelerinajy tany "la montagne de français", ny lamesa krismaly nitondra antsika tamin'ny Herinandro masina ka nankalazaintsika ny Paka tamin'ny Alahady lasa teo ary izao dia mitohy ka miomana isika amin'ny fankalazana ny Kongresy Eokaristika Nasionaly sy ireo fihaonana maro izay lazaintsika ho étapes fijanonana manomana ny fo amam-panahy.

Izany rehetra izany hanampy antsika hahatsapa ny fiadanan'i Kristy raha misokatra tokoa ny masom-pinoantsika ka mahita an'I Kristy eo anivon'ny fiainantsika. Amin'izay hanova ny fiainantsika isika ka hihatsara ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, ny fifandraisantsika samy zanaka. Ny famindram-pon'Andriamanitra no manenika ny fiainantsika, ny Fanahin'Andriamanitra no manentana ny fiainantsika ka ho zanak'Andriamanitra isika. Raha ny Famindram-pony sy ny Fanahiny no manentana antsika dia miova ny fifandraisantsika samy isika ka ho afaka amintsika ny fialonana sy ny avonavona ary ny fitiavan-tena manapotika antsika fa ho fiainam-baovao, ho fianakaviana iray isika, ho EOV Tabernakla Velona isika, miara-mandalim-pinoana, miara-mijoro ho vavolombelona mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, mampanjaka ny fihavanana marina, fihavanana sady kristianina no malagasy fa indrindra amin'izao andro iainantsika izao izay maro ny zavatra mifamahofaho. Sambatra isika fa manana modely satria misy malagasy iray rà amintsika dia i Lucien Botovasoa nivelona ireo voalazantsika rehetra ireo satria nentanin'ny famindram-pon'Andriamanitra ka nasandratra ho Olontsambatra. Aoka koa hazava amintsika fa ny fanorenana ny Fianakaviam-ben'Andriamanitra anjakan'izay fiadanana izay dia mitaky toe-panahy vonona hanompo sy fahafoizan-tena. Io ny atao hoe fiainana eokaristika. Raha manontany isika ahoana no ahafantarana fa velona ny finoantsika raha manompo sy mahafoy isika.

Ry Jesoa ô nasainao mibaribary aminay tamin'ny alalan'ny Fonao nolefonina ny famindrampon'Andriamanitra. Ampio izahay mba hanana fahasahiana ka vonona hanompo, hahafoy hamafy fiadanana, fihavanana, fanantenana eo amin'ny manodidina anay amin'izao andro sarotra izao. Masina Maria Renin'ny Fiadanana dia I Jesoa Zanaka enga anie izahay ho

zary Tabernakla velona tahaka anao hitondra an’I Jesoa Famindram-po eo amin’ny mpiara-belona aminay. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy erantany mivavahà mba ho fianakaviana mampanjaka ny fifamelan-keloka sy famindram-po ny fianakavianay satria io no lalana mitondra amin’ny fiadanana sy ny fihavanana marina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson